KOLEJY TEÔLÔJIKA IVATO

# Mihetsika ny 3FA : Fampitaovana, Fanitarana, Fanatsarana

Taorian'ny antso izay nataon'ny filohan'ny Fjkm teny amin'ny Coliséum Antsonjombe, ny 17 Janoary lasa teo, nijoro ny 3FA, na Fampitaovana sy Fanatsarana ary Fanitarana ny toerampanomanana mpitandrina eny Ivato. Anisan'ireo asa miandry ny fametrahana varavarana hoan'ny mpianatra, ny trano fidiovana sy lakozia ary kojakoja samihafa ao amin'ny efitrano fatoriana. Nisongadina ireo nandritry ny fihaonan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety teny amin' ny Cfd Ampandrana. Manana kaontin'ny foibe Fjkm ny 3FA ary azo arotsaka ihany koa ao amin' ny Mvola 0341462015, na Airtel money 033 14 250 37, na orange money 0329602545 ny fanohanana azonao alefa ary misy rosia manamarina izany. Fiaraha-miasan'ny mpitandrina sy ny laika izy io, ka ny filoha mpitarika dia ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi. Manentana ny rehetra, mba handray anjara amin'ity hetsika goavana ity ireo mpitarika ny asa ankehitriny, satria ny tanjona dia ny fahavitan'ny asa manontolo.



Ireo mpitarika ny 3FA.

**Rajo**

Polyteknika Vontovorona

# Tsy mety handray vatsim-pianarana 1 volana ireo mpianatra

Vatsim-pianarana 1 volana no nomena ireo mpianatra eny amin'ny Polyteknika Vontovorona, raha "bourses" efabolana no takian'izy ireo. Noho izay antony izay, tsy nety nandray izany vatsim-pianarana 1 volana izany ireo mpianatra ao amin'ity Oniversite, ao amin'ny Kaominina Alakamisy, Antananarivo Atsimondrano ity. Ankoatra izany, eny amin'iny faritra iny ihany, nitokona ireo mpivarotra manodidina ny Polyteknika Vontovorona, fa tsy mankasitraka ny hetsika ataon'ireo mpianatra izy ireo. Nandoro kodiarana sy hazo fampiasan'ireo mpivarotra hivarotana legioma amoron-dalana ireo mpianatra afak'omaly alina. Ireo mpivarotra no nanadio ny loto navelan'ny mpianatra. Etsy ankilany, mitohy ny dinika ataon'ny mpianatra ny amin'ny tohin'ny hetsika hataony. Nanapa-kevitra izy ireo fa hanao tsipaipaika hanonerana ny tsenakely may teny an-toerana.



Ireo mpivarotra eny Vontovorona, nanadio ny loto, tao aorian'ny fitokonana nataon'ny mpianatra afak'omaly alina.

**Niaina**

Rugby « Tournoi des 6 Nations 2021 »

# Mitarika vonjy maika i Pays de Galles

Lalao 2 no tontosa tamin'ny sabotsy 27 febroary lasa teo, eo amin'ny andro faha-3 ny fifaninanana rugby à XV "Tournoi des 6 Nations 2021" tontosaina ankehitriny, ka nahazoana ny vokatra : Italie – Irlande : 10-48. Pays de Galles – Angleterre : 40-24. Voatery hahemotra amin'ny fotoana manaraka kosa ny fihaonan'i France – Ecosse noho ny mbola nahitana mpilalaon'i Frantsa nitondra ny tsimokaretina covid-19 indray. Toy izao ny filaharana vonjimaikan' ireo ekipa mandray anjara amin'ity fifaninanana ity taorianan'io andro faha-3 io : 1°- Pays de Galles manana isa 14 (+22) 2°- France isa 9 (+42) 3° Irlande isa 7 (+31) 4°- Angleterre isa 6 (+2) 5°- Ecosse isa 5 (+4) 6°- Italie isa 0 (-101)

**Rainilita**



Ny ekipan'i Pays de Galles Rugby.

Mpilalao Golf maromaro niakanjo mena

# Ho fanomezam-boninahitra an'i Tiger Woods



Tiger Woods, anisan'ny sangany amin'ny taranjam-panatanjahantena Golf maneran-tany.

Mpikatroka maromaro eo amin'ny taranja Golf iraisam-pirenena any ivelany any, toa an-dry Tommy Fleetwood, Jason Day sy Justin Thomas, no nanapakevitra tamin'ny alahady 27 febroary 2021 teo, fa niakanjo ny "tunique rouge du Tigre" nanaovan'i Tiger Woods tamin'ny dingana faran'ny "tournois" natrehany, ho fanomezam-boninahitra azy noho ny lozam-fifamoivoizana nihàtra taminy ny talata 23 febroary 2021 lasa teo tany Los Angeles, ka naharatran' ny tongony havanana mafy, izay tsy ahafahany manohy ny fifaninanana Golf intsony amin'izao faha-45 taonany izao. Marihana fa mbola tsaboina any amin'ny hopitaly hatramin'izao ity sangany eo amin'ny taranja Golf ity.

**Rainilita**

Vehivavy bevohoka 5 volana

# Hay tsy zaza fa zavatra hafa

Tsy lavitra fa teto Antananarivo ihany no niseho ny tantara. Vehivavy telopolo taona izy ity ary manambady aman-janaka ihany koa. Efa niteraka izy io teo aloha ary bevohoka taorian'izay. Isaky ny manatona mpampivelona izy dia toa sadaikatra rasazy satria toa hafahafa izy ity. Mibontsina sy mitombo ilay kibo nefa toa mafimafy izany. Teo vao niteny rasazy, fa zavatra hafa io fa mandehana manatona mpitsabo hafa ianareo. Teo noho eo ihany dia niantso an'i Jessica 0338739541 ilay ramatoa ary nihaona teny Mandrosoa Ivato. Vao nojeren'ity mpitsabo ity ilay kibony dia hoy izy hoe: mosavy io fa tsy zaza akory ary mety hiafara tamin'ny ainao mihitsy raha tsy tonga tety ianao. Nampisotroina rano manokana sy notrorina tamin'ny menaka avy any Inde ilay ramatoa, ka teo noho eo ihany dia nivalana zavatra maitsomaitso sy mamofona be ihany koa. Nalemy mihitsy ilay ramatoa avy eo, ka nony afaka minitra vitsy dia nahatsangana sy nahazo aina. Niaiky izy fa mosavin'olona tokoa ity nahazo azy ity, ka soa ihany fa nanatona an'ity mpitsabo ity. Hoy ilay mpitsabo hoe sakafo nohaninao io saingy tsy tadidinao, fa tsy lavitra anao akory io olona nahavanondoza io. Marina izany hoy ilay ramatoa fa ilay rafivaviko taloha io, izay saika ho vadin'ilay vadiko nefa tsy tanteraka. Efa mba nihavana ihany izahay hoy izy, fa izao vao fantatra fa fihatsaram-belatsihy fotsiny hay ilay izy, fa saika hamono ahy mihitsy no tanjony. Na izany aza hoy ilay mpitsabo, dia aza mamaly ratsy ny ratsy, fa aleo Andriamanitra no hamaly azy.

**Namana**

Joseph Maria Bartomen

# Nahazo fahafana vonjimaika ny filohan'ny FC Barcelone

Nahazo fahafahana vonjimaika ilay filohan'ny ekipan'ny Fc Barcelone teo aloha, Joseph Maria Bartomen, sy ilay tananan-kavanany, Jaume Masferrer, voapanga ho nampiasa ny « agence de communication » hanamelohana, sy hanasoketana ny klioba sy ireo mpilalao ao aminy toa an-dry Gérard Piqué, sy Lionel Messi ary nanodinkodina volan'ny klioba ihany koa, ka nahatonga ny fisamborana azy ireo tamin'ny alatsinainy 01 martsa 2021 lasa teo ary nisavana ihany koa ny foiben'ny klioba Barça. Marihana fa nalain'ny fitsarana Catalane am-bavany ihany koa tamin'io alatsinainy io ny Tale Jeneralin'ity klioba ity ankehitriny, Oscar Grau, sy ny "directeur juridique" ao aminy, Roman Gomez Ponti, nefa navotsotra avy hatrany tamin'ny harivan'io andro io ihany. Nambaran'ny mpanazatra ny klioba, Ronald Koeman, fa tsy tsara fa hanaratsy endrika ny Barça ity raharaha ity.

**Rainilita**




Joseph Maria Bartomen, filohan'ny Barça teo aloha.